**PERIKOPA ALAHADY 22 Februoary 2026 – Karemy I**
**(Péricope du Dimanche 22 Février 2026 – Carême I**

**Salamo / Psaume 51**
**Genesisy / Genèse 2.7-9 ; 3.1-7**
**Romana / Romains 5 : 12 - 19**
**Matio / Matthieu 4.18**

**« Koa tahaka ny nahatongavan'ny fanamelohana ho an'ny olona rehetra noho ny fahadisoana iray no nahatongavan'ny fanamarinana ho amin'ny fiainana kosa ho an'ny olona rehetra noho ny fahamarinana iray. »**

*«Finalement, la faute d'un seul a eu pour résultat de condamner tous les êtres humains. De même, l'action juste d'un seul a pour résultat de rendre justes tous les êtres humains, et par là, ils ont la vie. »*

**Romana / Romains 5.18**

## SALAMO 51 (MRV)

1 Mamindrà fo amiko, Andriamanitra ô, araka ny fahasoavanao; araka ny haben'ny fiantranao, vonoy ny fahadisoako !
2 Sasao madio aho mba ho afa-keloka ary diovy aho mba ho afa-pahotana !
3 Fa tsaroako ny fahadisoako ary eo anatrehako mandrakariva ny fahotako.
4 Taminao dia taminao ihany no nanotako ary izay ratsy eo imasonao no nataoko, mba ho marina Ianao raha miteny ary tsy hanan-tsiny Ianao raha mitsara.
5 Indro, tamin'ny heloka no niterahana ahy ary tamin'ny fahotana no notorontoronina ahy ny reniko.
6 Indro, fahamarinana ao am-po no sitrakao ary fahendrena ao amin'ny miafina no ampahafantarinao ahy !
7 Diovy amin'ny hisopa aho ho afa-pahotana dia hadio; sasao aho dia ho fotsy noho ny orampanala.
8 Ampandreneso fifaliana sy faharavoana aho mba hifalian'ny taolana izay voavakivakinao.
9 Afeno ny tavanao ny fahotako ary vonoy ny heloko rehetra.
10 Amoròny fo madio aho, Andriamanitra ô, ary ampioreno fanahy vaovao ato anatiko.
11 Aza manary ahy hiala eo anatrehanao ary aza manaisotra ny Fanahinao Masina amiko.
12 Ampodio amiko ny fifaliana amin'ny famonjenao ary tohàny fanahy mazoto aho !
13 Dia hampianatra ny olon-diso ny lalanao aho, koa ny mpanota dia hiverina aminao.
14 Vonjeo ho afaka amin'ny valin-dra aho, Andriamanitra ô, Andriamanitry ny famonjena ahy, dia hihoby ny fahamarinanao ny lelako.
15 Tompo ô, sokafy ny molotro dia hanambara ny fiderana Anao ny vavako.
16 Fa tsy fanatitra no sitrakao; raha izany dia nomeko ihany; ny fanatitra dorana manontolo dia tsy mahafaly Anao.
17 Ny fanatitra ho an'Andriamanitra dia fanahy torotoro; ny fo torotoro sy mangorakoraka, Andriamanitra ô, tsy mba ataonao tsinontsinona.
18 Manaova soa amin'i Ziona araka ny fahasoavanao; ataovy ny mandan'i Jerosalema!
19 Dia ho sitrakao ny fanatitra amim-pahamarinana sy ny fanatitra dorana manontolo ary ny fanatitra levonina amin'ny afo ary hanatitra vantotra ombilahy eo amin'ny alitaranao ny olona.

## PSAUME 51 (PDV)

*1 Psaume de David, pris dans le livre du chef de chorale.*
*2 Le roi David a pris Batchéba, la femme d'Urie, et le prophète Natan va le trouver. David dit alors :*
*3 Ô Dieu, aie pitié de moi à cause de ton amour ! Ta tendresse est immense : efface mes torts.*
*4 Lave-moi complètement de mes fautes, et de mon péché, purifie-moi.*
*5 Oui, je reconnais mes torts, mon péché est toujours devant moi.*
*6 Contre toi et toi seul, j'ai péché, ce qui est mal à tes yeux, je l'ai fait. Ainsi, tu as raison quand tu décides, tu es sans défaut quand tu juges.*
*7 Oui, depuis ma naissance, je suis marqué par le péché, depuis le ventre de ma mère, je suis plongé dans le mal.*
*8 Mais tu veux la vérité au fond de mon cœur. À ma conscience, tu enseignes la sagesse.*
*9 Enlève mon péché, et je serai pur, lave-moi, et je serai parfaitement purifié.*
*10 Fais-moi entendre les chants et la fête. Alors je danserai de bonheur, moi que tu as brisé.*
*11Détourne ton visage de mes péchés, efface toutes mes fautes.*
*12 Ô Dieu, crée en moi un cœur pur, mets en moi un esprit nouveau, vraiment attaché à toi.*

*13 Ne me chasse pas loin de toi, ne m'enlève pas ton esprit saint.*
*14 Rends-moi la joie d'être sauvé, soutiens-moi par un esprit généreux.*
*15 Ceux qui ne t'obéissent pas, je leur apprendrai à faire ce que tu veux, et les coupables reviendront vers toi.*
*16 Dieu, mon libérateur, délivre-moi de la mort ! Alors je crierai de joie parce que tu m'as sauvé.*
*17 Seigneur, ouvre mes lèvres, et ma bouche chantera ta louange.*
*18 Non, tu ne veux pas de sacrifice. Même si je t'offre un animal entier, il ne te fera pas plaisir.*
*19 Mon sacrifice, ô Dieu, c'est moi-même avec mon orgueil brisé. Ô Dieu, tu ne refuses pas de regarder un cœur complètement brisé.*
*20 Sois bon pour la ville de Sion, fais-lui du bien, reconstruis les murs de Jérusalem.*
*21 Alors tu accepteras les sacrifices demandés, des animaux complètement brûlés, alors nous pourrons offrir des taureaux sur ton autel.*

**GENESISY 2.7-9 ; 3.1-7 (MRV)**

2.7 Ary vovo-tany no namolavolan'NY TOMPO Andriamanitra ny olona, dia nitsofany ny fofonaina mahavelona tamin'ny vavorony ka tonga manana aina ilay olona.
2.8 Ary NY TOMPO Andriamanitra namboly saha tao Edena tany atsinanana ka napetrany tao Ralehilahy izay novolavolainy.
2.9 Ary nampanirin'NY TOMPO Andriamanitra teo amin'ny tany ny hazo rehetra izay mahafinaritra ny maso sady maha te hihinana, ny hazon'aina teo afovoan'ny saha sy ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy.
3.1 Ny menarana dia fetsy noho ny bibidia rehetra izay nataon'NY TOMPO Andriamanitra. Hoy izy tamin-dRavehivavy: Hay va niteny Andriamanitra hoe: Aza ihinananareo ny hazo rehetra eo amin'ny saha !
3.2 Hoy Ravehivavy tamin'ilay menarana: Ny voan'ny hazo eo amin'ny saha dia azonay ihinanana ihany.
3.3 Fa ny amin'ny voan'ny hazo eo afovoan'ny saha kosa dia hoy Andriamanitra hoe: Aza ihinananareo na tendrenareo izany, fandrao ho faty ianareo.
3.4 Hoy ny menarana tamin-dRavehivavy: Tsy ho faty tsy akory ianareo !
3.5 Fa fantatr'Andriamanitra hoe amin'izay andro ihinananareo azy dia hahiratra ny masonareo ka ho tahaka an'Andriamanitra ianareo, hahalala ny tsara sy ny ratsy.
3.6 Ary hitan-dRavehivavy fa tsara ho fihinana ny hazo sady mahafinaritra ny maso, no hazo mahatsiriritra toa hampahahendry, dia nanotazany ny voany ka nihinanany; dia nomeny koa ny vadiny izay teo anilany ka nihinana.
3.7 Dia nahiratra ny mason'izy mivady ka fantany fa mitanjaka izy ireo. Ary nanjaitra ravin'aviavimbazaha izy mba hanaovany sikina.

**GENESE 2.7-9 ; 3.1-7 (PDV)**

*2.7 Le Seigneur Dieu prend de la poussière du sol et il forme un être humain. Puis il souffle dans son nez le souffle de vie, et cet homme devient un être vivant.*
*2.8 Ensuite, le Seigneur Dieu plante un jardin dans le pays d'Éden, vers l'est. Là, il met l'homme qu'il a formé.*
*2.9 Le Seigneur Dieu fait pousser du sol toutes sortes de beaux arbres, avec des fruits délicieux. Au milieu du jardin, il place l'arbre de vie et l'arbre qui fait connaître ce qui est bien ou mal.*
3.*1 Parmi les bêtes sauvages que le Seigneur Dieu a faites, le serpent est le plus rusé. Il demande à la femme : « Est-ce que Dieu vous a vraiment dit : "Ne mangez aucun fruit du jardin" ? »*
3.*2 La femme répond au serpent : « Nous pouvons manger les fruits du jardin.*
3.*3 Mais pour l'arbre qui est au milieu du jardin, Dieu a dit : "Ne mangez pas ses fruits et n'y touchez pas ! Sinon, vous mourrez." »*
3.*4 Le serpent répond à la femme : « Pas du tout ! Vous ne mourrez pas !*
3.*5 Mais Dieu le sait bien : le jour où vous en mangerez, vos yeux s'ouvriront. Vous serez comme des dieux, vous pourrez savoir ce qui est bien ou mal. »*
3.*6 La femme se dit : les fruits de cet arbre sont beaux, ils doivent être bons. Ils donnent envie d'en manger pour savoir plus de choses. Elle prend un fruit de cet arbre et le mange. Elle en donne à son mari qui est avec elle, et il en mange aussi.*
3.*7 Alors leurs yeux s'ouvrent. Maintenant, ils voient qu'ils sont nus. Ils attachent ensemble des feuilles d'arbre, et cela leur sert de pagne.*

**ROMANA 5 : 12 - 19 (MRV)**

12 Noho izany dia tahaka ny nidiran'ny ota tamin'ny alalan'ny olona iray ho amin'izao tontolo izao, ary ny ota no nidiran'ny fahafatesana ka nahatonga ny olona rehetra ho tratry ny fahafatesana, satria samy efa nanota izy rehetra;
13 fa talohan'ny lalàna aza dia nisy ota teto amin'izao tontolo izao, nefa tsy isaina ny ota raha tsy misy lalàna;
14 Nanjaka hatramin'i Adama ka hatramin'i Mosesy anefa ny fahafatesana; eny, fa na dia tamin'izay tsy nanota tahaka ny nanotan'i Adama aza, izay tandindon'Ilay ho avy.
15 Nefa tsy tahaka ny fahadisoana ny fanomezana ny fahasoavana. Satria raha ny fahadisoan'ny iray no nahatonga fahafatesana ho an'ny maro, manoatra noho izany kosa ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny fanomezany be dia be, maimaimpoana, ho an'ny maro amin'ny alalan'ny Olona iray, dia Jesosy Kristy.
16 Tsy tahaka ny avy amin'ny iray izay nanota ny fanomezana; fa noho ny nataon'ny iray no nisehoan'ny fitsarana ho fanamelohana, nefa noho ny fahadisoana maro kosa no nisehoan'ny fanomezana ny fahasoavana ho fanamarinana.
17 Fa raha ny fahadisoan'ny olona iray no nanjakan'ny fahafatesana noho ny nataon'ny iray, mainka izay mahazo ny haben'ny fahasoavana sy ny fanomezan'ny fahamarinana no hanjaka amin'ny fiainana noho ny nataon'ny Iray, dia Jesosy Kristy.
18 Koa tahaka ny nahatongavan'ny fanamelohana ho an'ny olona rehetra noho ny fahadisoana iray no nahatongavan'ny fanamarinana ho amin'ny fiainana kosa ho an'ny olona rehetra noho ny fahamarinana iray.
19 Fa tahaka ny nanaovana ny maro ho mpanota noho ny tsy fankatoavan'ny olona iray no hanaovana ny maro ho marina kosa noho ny fankatoavan'ny Iray.

**Romains 5 : 12 - 19 (PDV)**

*12 Le péché est entré dans le monde à cause d'un seul homme, Adam, et le péché a amené la mort. Alors la mort a touché tous les êtres humains parce que tous ont péché.*
*13 Avant que Dieu donne la loi à Moïse, le péché était dans le monde, mais quand il n'y a pas de loi, on ne tient pas compte du péché.*
*14 Pourtant, depuis le temps d'Adam jusqu'à Moïse, la mort a été très puissante. Elle a frappé même ceux qui n'ont pas péché comme Adam, qui a désobéi à l'ordre de Dieu. Adam représentait celui qui allait venir.*
*15 Mais il y a une grande différence entre le don gratuit de Dieu et la faute d'Adam. Oui, à cause de la faute d'un seul homme, Adam, un grand nombre de gens sont morts. Mais le don gratuit de Dieu est beaucoup plus important. Ce don, Dieu l'a accordé par un seul homme, Jésus-Christ, et ainsi, il a répandu généreusement ses bienfaits sur un grand nombre de gens.*
*16 Le don de Dieu produit un autre résultat que le péché d'un seul homme. En effet, après le péché d'un seul, Adam, le jugement de Dieu a eu pour résultat de condamner les êtres humains. Au contraire, le don gratuit de Dieu a eu pour résultat de les rendre justes malgré leurs nombreuses fautes.*
*17 Oui, par un seul homme, par la faute d'un seul, la mort a frappé tout le monde. Mais par le seul Jésus-Christ, les êtres humains reçoivent beaucoup plus de Dieu : il leur donne gratuitement ses bienfaits et il les rend justes. Par le Christ, ils vivront et ils seront rois avec lui.*
*18 Finalement, la faute d'un seul a eu pour résultat de condamner tous les êtres humains. De même, l'action juste d'un seul a pour résultat de rendre justes tous les êtres humains, et par là, ils ont la vie.*
*19 Autrefois, un seul homme a refusé d'obéir à Dieu, et un grand nombre de gens sont devenus pécheurs. De même, un seul homme a obéi, et un grand nombre de gens seront rendus justes.*

**Matio 4 : 1 – 11 (MRV)**

1 Ary Jesosy dia noentin'ny Fanahy nankany an-tany efitra mba halain'ny devoly fanahy.
2 Nifady hanina efapolo andro sy efapolo alina Izy, koa nony afaka izany dia noana.
3 Dia nanatona ny mpaka fanahy ka niteny Taminy hoe: Raha Zanak'Andriamanitra Ianao, teneno ho tonga mofo ireto vato ireto.
4 Fa Izy kosa namaly hoe: Voasoratra hoe: «Tsy mofo ihany no hiveloman'ny olona, fa ny teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra» (Deo 8.3).
5 Dia nitondra Azy nankany amin'ny tanàna masina indray ny devoly ka nampitoetra Azy teo an-tampon'ny tempoly

6 sady niteny Taminy hoe: Raha Zanak’Andriamanitra Ianao, mianjerà any ambany any; fa voasoratra hoe: «Izy handidy ny anjeliny ny Aminao; ary eny an-tanany no hitondran’ireo Anao, fandrao ho tafintohina amin’ny vato ny tongotrao» (Sal 91.11, 12).
7 Hoy Jesosy taminy: Voasoratra koa hoe: «Aza maka fanahy NY TOMPO Andriamanitrao.»
8 Ary nitondra Azy nankany an-tendrombohitra avo dia avo indray ny devoly ka naneho Azy ny fanjakana rehetra eo amin’izao tontolo izao mbamin’ny voninahiny
9 sady niteny Taminy hoe: Homeko Anao izao rehetra izao raha miankohoka eto anatrehako Ianao.
10 Fa hoy Jesosy taminy: Mandehana ianao, ry Satana: Fa voasoratra hoe: «NY TOMPO Andriamanitrao no hiankohofanao ary Izy irery ihany no hotompoinao.» (Deo 6.13)
11 Dia nandao Azy ny devoly, ary indreo, nisy anjely tonga ka nanompo Azy.

**Matthieu 4 : 1 – 11 (PDV)**

*1 Alors l’Esprit de Dieu conduit Jésus dans le désert, pour que l’esprit du mal le tente.*
*2 Pendant 40 jours et 40 nuits, Jésus ne mange rien. Ensuite il a faim.*
*3 L’esprit du mal s’approche de Jésus pour le tenter et il lui dit : « Si tu es le Fils de Dieu, dis à ces pierres : “Changez-vous en pains !” »*
*4 Jésus lui répond : « Dans les Livres Saints on lit : “Le pain ne suffit pas à faire vivre l’homme. Celui-ci a besoin aussi de toutes les paroles qui sortent de la bouche de Dieu.” »*
*5 Alors l’esprit du mal emmène Jésus à Jérusalem, la ville sainte. Il le place au sommet du temple,*
*6 et il lui dit : « Si tu es le Fils de Dieu, jette-toi en bas ! En effet, dans les Livres Saints on lit : “Dieu commandera à ses anges de te porter dans leurs bras pour que tes pieds ne heurtent pas les pierres.” »*
*7 Jésus lui répond : « Dans les Livres Saints on lit aussi : “Tu ne dois pas provoquer le Seigneur ton Dieu.” »*
*8 L’esprit du mal emmène encore Jésus sur une très haute montagne. Il lui montre tous les royaumes du monde, avec leur richesse,*
*9 et il lui dit : « Mets-toi à genoux devant moi pour m’adorer, et je vais te donner tout cela. »*
*10 Jésus lui dit : « Va-t’en, Satan ! En effet, dans les Livres Saints on lit : “C’est le Seigneur ton Dieu que tu dois adorer, et c’est lui seul que tu dois servir.” »*
*11 Alors l’esprit du mal laisse Jésus. Des anges s’approchent de Jésus, et ils lui donnent à manger.*